



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**NY BOKIN'I ESTERA**  
**LE LIVRE D'ESTHER**

Alatsinainy 15 febroary 2021  
*Lundi 15 février 2021*

**FANESORANA AN'I VASTY SY NY NIFIDIANANA AN'I ESTERA (Ester 1 – 2)**  
**– DESTITUTION DE VASHTI ET CHOIX D'ESTHER (Esther 1 - 2)**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :**

« Ary tian' ny mpanjaka mihoatra noho ny vehivavy rehetra i Estera » (Ester 2, 17) -  
« *Le roi préféra Esther à toutes les autres femmes* » (Esther 2, 17).

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Teny fampidirana – Introduction**

**Hira (Chant) FF10, 1-2 : Mivavaka aho satria :**

1. Miloatra avy ao am-poko ny tonom-bavako  
Maneho ny fanajako sy fankatoavako  
Ny Tompoko Tsitoha nitahy hatrizay  
Hatramin'ny taloha sy ho mandrakizay.

Fiverenana :

- Mivavaka aho satria tena mino*  
*Mino sy mankato*  
*Manaja sady tia an'Andriamanitra.*  
*Mivavaka aho satria tena faly*  
*Faly sy manantena*  
*Ny avotrao omena mandrakizay doria.*
2. Mibahana ato am-poko Fanahin'i Kristy  
Mitaiza tsy miato ka mahafaly ery,

Manesika ahy hivoatra, hiasa be kokoa  
Ka ataony tafahoatra ny hasoavako.

## FIZARANA 1 – PARTIE 1

### Teksta 1 – Texte 1 : Estera (Esther) 1, 1-22 :

1 Ary tamin' ny andro nanjakan' i Ahasoerosy (ity Ahasoerosy ity ilay nanjaka hatrany India ka hatrany Etiopia, ka nizarazara ho fito amby roa-polo amby zato toko ny fanjakany), 2 dia tamin' izany andro izany, raha nipetraka teo ambonin' ny seza fiandrianan' ny fanjakany, izay tany Sosana renivohitra, Ahasoerosy mpanjaka, 3 tamin' ny taona fahatelo nanjakany, dia nanao fanasana ho an' ny mpanapaka sy ny mpanompony rehetra izy, ary teo anatrehany koa ny lehiben' ny miaramilan' i Persia sy Media sy ny mpanapaka mbamin' ireo komandin' ny isan-tokony amin' ny fanjakany. 4 Ary nasehony andro maro, dia valo-polo amby zato andro, ny harena amam-boninahitry ny fanjakany ary ny tabiha sy rehareha momba ny fahalehibiazany.

*1 C'était à l'époque d'Assuérus, de cet Assuérus qui régnait sur 127 provinces depuis l'Inde jusqu'en Ethiopie. 2 Le roi Assuérus siégeait à ce moment-là à Suse, la capitale. 3 La troisième année de son règne, il organisa un banquet pour tous ses princes et serviteurs. Les responsables militaires des Perses et des Mèdes, les nobles et les chefs des provinces furent réunis devant lui. 4 Il étala la glorieuse richesse de son royaume et l'éclatante splendeur de sa grandeur. Cela dura longtemps : 180 jours.*

5 Ary rehefa tapitra izany andro izany, ny olona rehetra izay tany Sosana renivohitra, na lehibe na kely, dia nanaovan' ny mpanjaka fanasana naharitra hafitoana teo amin' ny kianjan' ny tanimbolin' ny tranon' ny mpanjaka. 6 Ary nisy lamba fotsy sy misoratoratra sy manga nifehy tamin' ny kofehy rongony fotsy sy volomparasy tamin' ny masom-bolafotsy sy tsangantsangany vato marmora fotsy. Ary nisy farafara volamena sy volafotsy teo amin' ny lampivato alabastara sy marmora fotsy sy hara ary marmora mainty. 7 Ary ny olona dia nampisotroina tamin' ny kapoaka volamena (samy hafa avokoa ny kapoaka), ary betsaka ny divain' andriana araka ny fanomen' ny mpanjaka. 8 Ary ny nisotroan' ny olona dia araka ny tenin' andriana ka tsy nisy nanery, fa toy izany no nandidian' ny mpanjaka ny mpitandrina ny tranony rehetra mba hanaovan' ny olona araka izay sitrapony avy. 9 Ary Vasty, vadin' ny mpanjaka, dia mba nanao fanasana ho an' ny vehivavy koa tao amin' ny tranom-panjakana, izay an' i Ahasoerosy mpanjaka.

*5 A la fin de cette période, le roi organisa un banquet pour toute la population de Suse, la capitale, du plus grand au plus petit. Celui-ci dura 7 jours et eut pour cadre le jardin du palais. 6 Des tentures blanches, vertes et bleues étaient attachées par des cordons de fin lin et de pourpre à des anneaux d'argent et à des colonnes de marbre. Des lits en or et en argent reposaient sur un pavé de porphyre, de marbre, de nacre et de pierres noires. 7 On servait à boire dans des récipients en or, tous différents les uns des autres, et il y avait du vin royal dans une abondance qui reflétait la puissance du roi. 8 Cependant, conformément au décret, on ne forçait personne à boire. En effet, le roi avait ordonné à tous ses serviteurs de se conformer à la volonté de chacun. 9 De son*

*côté, la reine Vasthi organisa aussi un banquet pour les femmes du palais royal d'Assuérus.*

10 Ary tamin' ny andro fahafito, nony faly ny fon' ny mpanjaka azon' ny divay, dia nomeny teny Mehomana sy Bizta sy Harbona sy Bigta sy Abagta sy Zetara ry Karkasa, tsindranolahy fito izay nanompo teo anatrehan' i Ahasoerosy mpanjaka, 11 mba hitondra an' i Vasty, vadin' ny mpanjaka, ho eo anatrehan' ny mpanjaka, misatroka ny satro-boninahitry ny fanjakana, mba haseho amin' ny olona sy ny mpanapaka ny hatsaran-tarehiny; fa maha-te-hizaha izy. 12 Fa Vasty, vadin' ny mpanjaka, nandà ny tenin' ny mpanjaka nentin' ny tsindranolahy ka tsy nety nankany. Dia tezitra loatra ny mpanjaka, ka nirehitra tao am-pony ny fahatezerany. 13 Dia hoy ny mpanjaka tamin' ny olon-kendry izay mpanandro (toy izany no nanaovana ny raharahan' ny mpanjaka teo anatrehan' izay rehetra nahalala lalàna sy fitsarana 14 ary ny teo akaikiny dia Rarsena, Setara, Admata, Tarsisy, Maresa, Marsena, Memokana, mpanapaka fito tamin' i Persia sy Media, izay nahita ny tarehin' ny mpanjaka ka nipetraka tamin' ny fitoerana aloha teo amin' ny fanjakana) : 15 Ahoana no hanaovana an' i Vasty, vadin' ny mpanjaka, raha araka ny lalàna, satria tsy nankato ny didiko, izaho Ahasoerosy mpanjaka, nentin' ny tsindranolahy izy ? 16 Dia namaly Memokana teo anatrehan' ny mpanjaka sy ny mpanapaka ka nanao hoe : Tsy tamin' ny mpanjaka ihany no nanaovan' i Vasty, vadin' ny mpanjaka, izao ratsy izao, fa tamin' ny mpanapaka rehetra koa sy ny vahoaka rehetra isan-tokony eran' ny fanjakan' i Ahasoerosy mpanjaka. 17 Fa hiely any amin' ny vehivavy rehetra izao zavatra nataon' ny vadin' ny mpanjaka izao, ka hanaovany ny vadiny ho tsinontsinona eo imasonry, fa samy hanao hoe : Ahasoerosy mpanjaka aza nandidy an' i Vasty vadiny ho entina eo anatrehany, nefa tsy nety izy. 18 Ary na dia amin' izao andro izao aza ny andriambavin' i Persia sy Media, izay mandre ny nataon' ny vadin' ny mpanjaka, dia samy hilaza izany amin' ny mpanapaka rehetra voatendrin' ny mpanjaka, ka dia ho loza loatra ny famingavingana sy ny faniratsirana. 19 Koa raha sitraky ny mpanjaka, dia aoka hisy didim-panjakana hivoaka avy eto amin' ny mpanjaka ka hosoratana ao amin' ny lalàn' i Persia sy Media ka dia tsy hovana, fa tsy hahazo hankeo anatrehan' i Ahasoerosy mpanjaka intsony Vasty, ary ny voninahitr' i Vasty dia aoka homen' ny mpanjaka ho an' izay vehivavy hafa tsara noho izy. 20 Ary raha toriana eran' ny fanjakany rehetra (fa lehibe izany) ny lalàn' ny mpanjaka izay hataony, dia samy hanome voninahitra ny vadiny avy na lehibe na kely, ny vehivavy rehetra.

*10 Le septième jour, placé dans de joyeuses dispositions par le vin, le roi Assuérus ordonna à Mehuman, Biztha, Harbona, Bigtha, Abagtha, Zéthar et Carcas, les sept eunuques qui étaient à son service, 11 de faire venir devant lui la reine Vasthi, coiffée de la couronne royale, pour montrer sa beauté aux peuples et aux princes. En effet, c'était une belle femme. 12 Cependant, la reine Vasthi refusa de venir quand les eunuques lui transmirent le message du roi. Le roi s'en montra très fâché et en nourrit une ardente colère. 13 Il s'adressa donc aux sages astrologues, car c'était ainsi que se traitaient les affaires royales : devant tous ceux qui connaissaient les lois et le droit. 14 Son proche entourage était composé de Carshena, Shéthar, Admatha, Tarsis, Mérés, Marsena, Memucan. Ces sept princes de Perse et de Médie étaient admis en présence du roi et occupaient les premières places dans le royaume. 15 Il leur demanda: «D'après la loi, comment faut-il traiter la reine Vasthi suite à son refus de*

*respecter l'ordre du roi Assuérus transmis par les eunuques » ? **16** Memucan répondit devant le roi et les princes : « Ce n'est pas seulement vis-à-vis du roi que la reine Vasthi s'est mal comportée, c'est aussi vis-à-vis de tous les princes et de tous les peuples qui habitent toutes les provinces du roi Assuérus. **17** En effet, l'attitude de la reine déteindra sur l'ensemble des femmes et les incitera à porter un regard méprisant sur leur mari. Elles diront : 'Le roi Assuérus avait ordonné qu'on fasse venir la reine Vasthi devant lui, et elle n'y est pas allée'. **18** Aujourd'hui déjà, les princesses de Perse et de Médie qui ont entendu parler de l'attitude de la reine s'adresseront de la même manière à tous les princes du roi, ce qui entraînera beaucoup de mépris et de colère. **19** Si le roi le juge bon, il devrait émettre un édit royal et l'inscrire dans les lois des Perses et des Mèdes, avec défense de l'enfreindre. Cet édit interdirait à Vasthi de se présenter devant le roi Assuérus et préciserait que le roi donnera le titre de reine à une autre qui soit meilleure qu'elle. **20** Le décret du roi sera connu dans tout son royaume, malgré son immensité, et toutes les femmes honoreront leur mari, du plus grand au plus petit ».*

21 Dia sitraky ny mpanjaka sy ny mpanapaka izany teny izany; ka dia nanao araka ny tenin' i Memokana ny mpanjaka, 22 ka nampitondra taratasy izy ho any amin' ny isan-tokony amin' ny fanjakan' ny mpanjaka, dia isan-tokony araka ny sorany avy, ary isam-pirenena araka ny fiteniny avy, mba hahatapaka ny ao an-tranony avy ny lehilahy rehetra, ary samy hiteny araka ny fiteniny avy isam-pirenena.

***21** Le roi et les princes trouvèrent le conseil bon, et le roi agit conformément à la parole de Memucan : **22** il envoya des lettres à toutes ses provinces, à chaque province dans son écriture et à chaque peuple dans sa langue, pour dire que tout homme devait être le chef de son foyer et y parler sa langue maternelle.*

### **Fanamarihana 1 – Remarques 1**

#### **Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :**

- ho an'ny ankohonantsika – *pour notre foyer*
- ho an'ny Mpitondra antsika – *pour nos dirigeants*

#### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) FF19, 1-2 : Raha i Jehovah no Mpiandry :**

1. Raha i Jehovah no Mpiandry : tsy mba hisy mampahory  
Ahi-maitso no handriana.  
Ny fanahy velombelona : eny, tsy hanahy akory  
Lala-marina itondrany : Lalan-tsambatra (Sambatra ifaliana).

#### Fiverenana :

*Raha i Jehovah no Mpiandry (Tsy mba hisy) : tsy mba misy izay mampahory  
Ahi-maitso no handriako (Ranon'aina hosotroiko), Ranon'aina hosotroiko.  
Ny fanahiko hovelominy (Miasa izy), miasa lzy tsy mba matory  
Lala-marina itondrany tsy ho foiko.*

2. Eo imasom-pahavalo, ny latabatro velariny,  
Diloilo feno hanitra (Efa namontosany ahy).  
Safononoka tantely, ny kapoakako namboariny  
Fahasoavana no sisa Afaka ahiahy (Afaka ahiahy).

## FIZARANA 2 – PARTIE 2

### Teksta 2 – Texte 2 : Estera (Esther) 2, 1-14 :

1 Rehefa afaka izany, nony efa nionona ny fahatezeran' i Ahasoerosy mpanjaka, dia nahatsiaro an' i Vasty sy izay efa nataony izy ary ny efa nitsarana azy. 2 Ka dia hoy ireo zatovon' ny mpanjaka izay nanompo azy : « Aoka ny mpanjaka hitadiavana zazavavy virijina tsara tarehy; 3 ary aoka ny mpanjaka hanendry olona any amin' ny isan-tokony eran' ny fanjakany rehetra, dia aoka hovorin' ireny ny zazavavy virijina tsara tarehy rehetra ho ato Sosana renivohitra ho ao an-tranom-behivavy amin' ny fehin' i Hegay, tsindranolahin' ny mpanjaka, mpifehy ny vehivavy; ary aoka homena ny zavatra fidiovany izy; 4 koa izay zazavavy sitraky ny mpanjaka no aoka hanjaka hisolo an' i Vasty ». Dia sitraky ny mpanjaka izany teny izany, ka dia nataony.

*1 Après ces événements, une fois sa colère apaisée, le roi Assuérus pensa avec regret à Vasthi, à ce qu'elle avait fait et à la décision qui avait été prise à son sujet. 2 Alors les jeunes serviteurs du roi dirent : « recherche des jeunes filles qui soient vierges et belles pour le roi. 3 Que le roi désigne, dans toutes les provinces de son royaume, des inspecteurs chargés de rassembler toutes les jeunes filles vierges et belles à Suse, la capitale, dans le harem, sous l'autorité d'Hégai, l'eunuque du roi responsable des femmes ! Il leur fournira les produits cosmétiques nécessaires, 4 et la jeune fille qui plaira au roi deviendra reine à la place de Vasthi ». Le roi trouva le conseil bon et s'y conforma.*

5 Ary nisy Jiosy anankiray tany Sosana renivohitra. Mordekay no anarany, zanak' i Jaira, zanak' i Simey, zanak' i Kisy, avy tamin' ny taranak' i Benjamina, 6 izay efa nentina ho babo avy tany Jerosalema tamin' ny babo izay nentina niaraka tamin' i Jekonia, mpanjakan' ny Joda, izay nobaboin' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona. 7 Ary izy nitaiza an' i Hadasa (Estera izany), zanakavavin' ny rahalahin-drainy, izay tsy nanana ray sy reny intsony; ary razazavavy dia soa sady tsara tarehy, ary noraisin' i Mordekay ho zanany izy, rehefa maty rainy sy reniny.

*5 Il y avait à Suse, la capitale, un Juif du nom de Mardochée. C'était un fils de Jair, un descendant de Shimeï et de Kis, un Benjaminite 6 qui avait quitté Jérusalem en compagnie du groupe d'exilés partis avec Jéconia, le roi de Juda, sur ordre de Nebucadnetsar, le roi de Babylone. 7 Il se chargeait de l'éducation d'Hadassa, alias Esther, la fille de son oncle, car elle n'avait plus ni père ni mère. Cette jeune fille était belle à tout point de vue. A la mort de ses parents, Mardochée l'avait adoptée.*

8 Koa nony re ny tenin' ny mpanjaka sy ny lalàny, ka voavory tany Sosana renivohitra ny zazavavy maro ho andin' ny fehin' i Hegay, dia mba nentina ho ao an-tranon' ny mpanjaka koa Estera ho amin' ny fehin' i Hegay, mpifehy ny vehivavy. 9 Ary nahafaly azy

razazavavy ka nahita fitia teo imasony; dia nomeny faingana an-drazazavavy ny zavatra fidiovany sy ny anjara-haniny ary ny ankizivavy fito izay voafantina homena azy avy tao an-tranon' ny mpanjaka; ary nafindrany ho ao amin' ny fitoerana tsara indrindra ao an-tranom-behivavy izy sy ny ankizivaviny.

*8 Lorsqu'on proclama le message du roi, qui avait valeur de loi, et qu'on rassembla un grand nombre de jeunes filles à Suse, la capitale, sous l'autorité d'Hégaï, Esther fut aussi prise. Elle fut conduite au palais et placée sous l'autorité d'Hégaï, le responsable des femmes. 9 La jeune fille lui plut et gagna sa sympathie. Il s'empessa de lui fournir les produits cosmétiques et les éléments dont elle avait besoin. Il lui donna aussi sept jeunes filles sélectionnées parmi le personnel du palais, puis il la déplaça avec ses suivantes dans le meilleur appartement du harem.*

10 Nefa Estera tsy mbola nilaza ny fireneny na ny fianakaviany, satria nopeperan' i Mordekay mba tsy hilaza izany izy. 11 Ary Mordekay nitsangantsangana isan'andro teo anoloan' ny kianjan' ny tranom-behivavy, mba hahafantarany izay toetran' i Estera sy izay anaovana azy.

*10 Esther ne révéla ni son origine ni sa famille, car Mardochee lui avait interdit de le faire. 11 Chaque jour il se promenait devant la cour du harem pour s'assurer du bien-être d'Esther et de la façon dont on la traitait.*

12 Ary nony tonga ny andro hidiran' ny zazavavy tsirairay isan-andro tany amin' i Ahasoerosy mpanjaka, rehefa tapitra tamin' ny roa ambin' ny folo volana, araka ny fomba fanomanana ny vehivavy (fa tapitra tamin' izay ny andro fidiovany, dia enim-bolana tamin' ny diloilo nisy miora, ary enim-bolana tamin' ny zava-manitra sy ny zavatra sasany koa fidiovan' ny vehivavy), 13 koa nony hiditra ao amin' ny mpanjaka ny zazavavy tamin' izany, dia nomena azy izay rehetra nilainy ho entiny avy amin' ny tranom-behivavy ho ao an-tranon' ny mpanjaka. 14 Tamin' ny hariva no nandeha izy, ary nony maraina dia niverina izy ho ao an-trano faharoa nitoeran' ny vehivavy, ho amin' ny fehin' i Sasegaza, tsindranolahin' ny mpanjaka, mpitandrina ny vaditsindrano; ary tsy mba niditra tao amin' ny mpanjaka intsony izy, raha tsy tian' ny mpanjaka, ka voatonona ny anarany.

*12 Chaque jeune fille devait se rendre vers le roi Assuérus lorsque c'était son tour, soit après 12 mois passés à prendre soin de son corps, conformément à la règle en vigueur pour les femmes: 6 mois avec de l'huile de myrrhe et 6 mois avec des aromates et des produits cosmétiques spécifiquement féminins. 13 C'est ainsi que chaque jeune fille se rendait vers le roi. Quand elle passait du harem au palais, on lui permettait de prendre avec elle tout ce qu'elle demandait. 14 Elle y allait le soir, et le lendemain matin elle passait dans le second harem, sous l'autorité de Shaashgaz, l'eunuque du roi responsable des concubines. Elle ne retournait plus vers le roi, à moins que celui-ci n'ait envie d'elle et qu'elle ne soit nommément appelée.*

**Fanamarihana 2 – Remarques 2 : ny fitadiavana vady ho an'ny mpanjaka – à la recherche d'une femme pour le roi**

**Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :**

---

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana

- ho an'ny marary - *pour les malades*
- ho an'ireo vao namoy havana akaiky – *pour ceux qui viennent de perdre un proche*

### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

#### Hira (Cantique) FF12, 1-2 : Am-pela-Tananao ry Raiko :

1. Am-pela-Tananao, ry Raiko, ny mombamomba ahy rehetra :  
Iriko ianao no ho mpibaiko, Ianao anatiko ao mitoetra.  
Ho andrirahoko tokoa, hitarika ahy hatrany hatrany,  
Andry afo tsy mandao Ianao Jesoa, Ianao no hazavana tsy ho lany  
Am-pelatananao ihany mandrakizay doria doria  
Na ny fiainako eto an-tany na hatrany ankoatra ary.
2. Ny saiko am-pela-Tananao, ny foko efa tsy ahy intsony  
Fa voaova ho vaova, dia lasanao ry Ray ambony.  
Ny hasambarako ombieny : mifaly manana Anao.  
Ilay fiainako mpanjeninjeny no voafehinao anatiko ao  
Am-pelatananao ihany mandrakizay doria doria  
Na ny fiainako eto an-tany Na hatrany ankoatra ary.

### FIZARANA 3 – PARTIE 3

#### Teksta 3 – Texte 3 : Estera (Esther) 2, 15-23 :

15 Ary rehefa tonga ny anjara-andron' i Estera, zanakavavin' i Abihaila, rahalahin-drain' i Mordekay izay efa nandray azy ho zananivavy, hidirany ao an-tranon' ny mpanjaka, dia tsy nila na inona na inona izy mihoatra noho izay notononin' i Hegay, tsindranolahin' ny mpanjaka, mpitandrina ny vehivavy. Ary Estera nahita fitia teo imason' ny olona rehetra izay nijery azy. 16 Dia nentina ho ao amin' i Ahasoerosy mpanjaka i Estera, ho ao an-tranon' ny fanjakana, tamin' ny volana fahafolo (volana Tebeta izany) tamin' ny taona fahafito nanjakany. 17 Ary tian' ny mpanjaka mihoatra noho ny vehivavy rehetra i Estera, ka nahita fitia sy sitraka teo imasony mihoatra noho ny virijina rehetra izy, ka dia nosatrohany ny satro-boninahitry ny fanjakana izy ka nampanjakainy hisolo an' i Vasty. 18 Ary ny mpanjaka nanao fanasana lehibe ho an' ny mpanapaka rehetra sy ny mpanompony, dia fanasan' i Estera izany; ary nanendry andro fifaliana ho an' ny fanjakana rehetra isan-tokony izy sady nanome zavatra araka ny fanomen' ny mpanjaka.

*15 Lorsque son tour d'aller vers le roi arriva, Esther, fille d'Abichail - l'oncle de Mardochee, celui qui l'avait adoptée - ne réclama que ce que lui conseilla Hégai, l'eunuque du roi responsable des femmes. Elle gagnait les faveurs de tous ceux qui la voyaient. 16 Esther fut conduite vers le roi Assuérus, dans son palais royal, le dixième mois - c'est-à-dire le mois de Tébeth - la septième année de son règne. 17 Le roi préféra Esther à toutes les autres femmes, elle gagna ses faveurs et sa sympathie plus que toutes les autres jeunes filles. Il mit la couronne royale sur sa tête et la proclama reine à la place de Vasthi. 18 Le roi organisa un grand banquet pour tous ses princes et*

*serviteurs, et ce en l'honneur d'Esther. Il accorda aussi des dispenses d'impôts aux provinces et distribua des cadeaux avec une générosité toute royale.*

19 Ary raha nisy virijina novoriana fanindroany, dia nipetraka teo am-bavahadin' ny mpanjaka i Mordekay. 20 Nefa Estera tsy mbola nilaza izay fianakaviany na izay fireneny, araka ilay nameperan' i Mordekay azy ihany; fa ny tenin' i Mordekay dia nankatoavin' i Estera tahaka ny fony izy mbola nitaiza azy ihany. 21 Tamin' izany andro izany, raha Mordekay nipetraka teo am-bavahadin' ny mpanjaka, dia tezitra Bigtana sy Taresy, roa lahy isan' ny tsindranolahin' ny mpanjaka, dia ilay mpiambina teo am-baravarana, ka nitady hamono an' i Ahasoerosy mpanjaka izy. 22 Ary fantatr' i Mordekay izany ka nambarany tamin' i Estera, vadin' ny mpanjaka; dia nambaran' i Estera tamin' ny mpanjaka kosa izany araka ny nampilazain' i Mordekay azy. 3 Ary rehefa nodinihina izany zavatra izany, dia, indro, marina; ka dia nahantona tamin' ny hazo izy roa lahy; ary nosoratana tao amin' ny bokin' ny tantara teo anatrehan' ny mpanjaka izany.

*19 La deuxième fois qu'on rassembla des jeunes filles, Mardochee était assis à la porte du roi. 20 Esther n'avait toujours pas révélé ni sa famille ni son origine, car Mardochee le lui avait interdit, et elle respectait ses ordres comme lorsqu'elle était sous sa tutelle. 21 A ce moment-là, Mardochee était donc assis à la porte du roi. Bigthan et Thresh, deux eunuques du roi qui avaient la garde de l'entrée, eurent un mouvement d'irritation et cherchèrent à porter la main contre le roi Assuérus. 22 Mardochee en fut informé et le révéla à la reine Esther, qui parla de sa part au roi. 23 L'information fut vérifiée et confirmée, de sorte que les deux eunuques furent pendus à une potence. Tout cela fut enregistré par écrit dans les annales en présence du roi.*

### **Fanamarihana 3 – Remarques 3**

**Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :**

- ho an'ny Mpitandrina – *pour les Pasteurs*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina saha ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !  
*Notre Père qui es aux cieux,*



*Que ton Nom soit sanctifié,  
Que ton Règne vienne,  
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.  
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.  
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont  
offensés.  
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous du mal.  
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des  
siècles. Amen !*

**Hira (Cantique) FF39, 1-2 : Faniriako :**

1. Ray ô, mba faniriako, raha toa ka sitrakao  
Ny handova lanitra dieny ety an-tany.  
Kanefa tsy izaho irery fa ireo izay mino Anao  
Hiaraka amiko hatrany hatrany.

Fiverenana :

*Endrey ny fainanay anilan-dRay :  
Ny Tompo iray, Fanahy iray  
Iraisana avokoa ireo asa soa Iray ny fo, iray ny loha.  
Ray ô, nahoana moa e, raha atomboka anio ?*

2. Ray ô, mba faniriako, raha toa ka sitrakao  
Ny ho zanaka manoa, feno fahendrena.  
Hilofo hatrany koa hamita ireo asanao  
Ka tsy hirehareha fa hanetry tena.

**FANDRAVONANA – CONCLUSION :**

**Teksta – Texte : Jer. 31, 3-7 :**

3 Tany lavitra any no nisehoan'Ny TOMPO tamiko ka nanao hoe : « Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindrampo ho anao.  
4 Mbola hanorina anao indray Aho, ka dia hiorina hianao, ry Isiraely virijina ! Ary mbola hiravaka mitondra ny ampongatapakao hianao ka hivoaka amin' ny dihin' ny mifaly.  
5 Mbola hanao tanimboaloboka ao amin' ny tendrombohitr' i Samaria ianao, ny mpamboly dia hamboly sady hihinana ny vokatra.

*3 De loin, l'Eternel s'est montré à moi : « Je t'aime d'un amour éternel, c'est pourquoi je te conserve ma bonté. 4 Je te rétablirai encore et tu seras rétablie, jeune fille d'Israël! Tu resplendiras encore avec tes tambourins et tu te mêleras aux danses de ceux qui manifestent leur joie. 5 Tu planteras encore des vignes sur les montagnes de Samarie. Les planteurs accompliront leur tâche et profiteront de la récolte.*

6 Fa mbola hisy andro hiantsoan' ny mpitazana any amin' ny tany havoan' i Efraïma hoe : Mitsangana ianareo, ka andeha isika hiakatra any Ziona, Ho any amin' Ny TOMPO Andriamanitsika. 7 Fa izao no lazain' Ny TOMPO : Mihobia amin' ny fifaliana noho ny

amin' i Jakoba, ary mifalia noho ny amin' ny lohan' ny firenena, torionareo, deraonareo, ka ataovy hoe : TOMPO ô, vonjeo ny olonao, dia ny sisa amin' ny Isiraely.  
*6 En effet, il y aura un jour où les gardes crieront dans la région montagneuse d'Ephraïm : Levez-vous, montons à Sion vers l'Eternel, notre Dieu » ! 7 Car voici ce que dit l'Eternel : Poussez des cris de joie à propos de Jacob, éclatez d'allégresse avec la plus importante des nations ! Faites retentir votre voix, chantez des louanges et dites : «Eternel, délivre ton peuple, ce qui reste d'Israël » !*

### **Hira (Cantique) FF28, 1-5 : Efa voadinikao :**

1. Efa voadinikao Andriamanitra ô,  
Ny fiainanay zanak'olombelona  
Tsy misy izay miafina amiko : tsy hitanao  
Ianao no manendry izany Andriamanitra ô !
2. Indro ny fikasako voalahatrao,  
Ny fiainako rehetra dia Aminao  
Ny fahotana vitako taminao :  
Mangataka famelana Andriamanitra ô !
3. Aza avela aho hangaihay  
Fa ampioreno mafy ny finoako.  
Ka na mamely ahy ny fakam-panahy  
Dia matoky Anao ny fanahiko.
4. Ny nofoko anie malemy no sady kely  
Torovana tsy ampy hery ka manahy  
Meteza ianao anio Andriamanitra ô,  
Ho hery sy toky ho ahy mandrakizay.
5. Ianao no vatolampy sy fiarovako :  
Ny herinao no indro izorako.  
Ny foko ao anatiko ao efa fantatrao  
Dia raiso aho ho zanakao Andriamanitra ô !

### **Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampampirapiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !*

### **Fanirahana - Envoi :**

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.  
Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie.*  
*Gloire soit rendue à Dieu.*

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

---

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana